NY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

-Ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola dia tsy maintsy andoavana hetra amin'ny fahazoan-dalana hivarotra izany (Article 10.06.01-CGI)
-Ny fahazoan-dalana hivarotra zava-pisotro misy alikaola dia azo omena ho amin'ny fotoana maharitra na ao anatin'ny fotoana voafetra (licence foraine)
-Tsy azo atao mihitsy ny mivarotra zava-pisotro misy alikaola raha tsy efa nahazoana alalana mialoha

A-NY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA

1)Fepetra amin'ny fahazoan-dalana hivarotra

a)Fangatahana avantana any amin'ny talem-paritra ny Hetra, na any amin'ny Lehiben'ny Foiben-ketra mahefa
Ahitàna ireto zavatra manaraka ireto:
-anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana nahaterahana, asa atao, fonenan'ny mpangataka
-toerana mazava hivarotana
-raha toa ka mikasa ny mpangataka fa mpitantan-draharaha no hiandraikitra ny toeram-pivarotana, dia tsy maintsy lazaina ao anaty fangatahana ny mombamomba izany olona izany (anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana nahaterahana, asa atao, fonenana...)
-raha sosaety no mpangataka, dia lazaina ao anaty fangatahana ny anaran'ny orinasa sy ny foiben-toerany

b)Ireto avy ny ampiarahina amin'ny fangatahana
-Taratasin-draki-panamelohana, nalaina latsaky ny 3 volana (an'ny mpangataka na an'ny mpitantan-draharaha)
-Firafitry ny trano natokana hivarotana, miaraka amin'ny filazana ny efitrano natokana hivarotana, ny efitra fitehirizan'entana sy fitobian'entana, ary ny fanekena ny hilaza any amin'ny sampan-draharahan'ny hetra mahefa izay fanovana rehetra mitranga
-Dika mitovin'ny sata mifehy ny sosaety na fikambanam-barotra, ary ny fahefana omena ny mpitantana azy
-Planina ahafahana mamantatra ny toerana hanaovana ny fivarotana

c)Fahafaha-manaon'ny mpangataka manoloana ny lalàna
-Mizaka ny zom-pirenena malagasy
-Fahazoan-dalana manokana avy amin'ny Filohan'ny Komity Mpanatanteraka ny Faritany teo aloha, ho an'ny teratany vahiny
-21 taona no ho mihoatra, afa-tsy ireo olona nahazo ny fahafaha-manao noho ny fanambadiana ara-dalàna
-Tsy nahazo didy tsy fahazoa-mitoetra na voaheloka higadra, na nanao fandikan-dalàna goavana amin'ny fehezan-dalàna momba ny hetra

2) Karazan'ny fahazoan-dalana hivarotra

Mizara sokajy roa:

a) Sokajy voalohany: Fahazoan-dalàna hivarotra ambongadiny ny zava-pisotro misy alikaola rehetra

b) Sokajy faharoa: Fahazoan-dalana hivarotra atsinjarany, enti-mody na mampisotro zavatra misy alikaola rehetra

B-NY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA AMIN'NY TOERANA TSY RAIKITRA (licence foraine)

-Fahazoan-dalàna hivarotra zava-pisotro misy alikaola natokana ho an'ny fivarotana mandritry ny fety an-kalamanjana, foara, kermesy, alim-

pandihizana, fampisehoana samihafa, fitsangatsanganana...
-Tsy maintsy anaovana fangatahana mialoha any amin'ny ben'ny Tanàna, ary ny mpivarotra efa manana fahazon-dalana hivarotra amin'ny toerana raikitra no omena tombon-dahiny mialoha amin'ny fahazoana izany
- Ny Ben'ny tanàna no mametra ny ora fisokafana sy fikatonan'ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola mandritry ny fotoana nahazoana alalana
- Tsy azo atao ny mampiasa izany fahazon-dalana izany mihoatry ny 72 ora mifampitohy
- Tsy maintsy voaloa any amin'ny Biraon'ny Kaominina ny hetra mifanandrify amin'ny fahazoan-dalana vao azo atomboka ny varotra
- Ar 5000 isaky ny 24 ora ny vola hetra tsy maintsy aloa

TSARA HO FANTATRA

- Ny fahazoan-dalàna hivarotra zava-pisotro misy alikaola dia tsy maintsy angatahan'izay rehetra te-hanao izany asa izany, eny fa na dia ireo nahafahan'ny lalàna amin'ny fandoavana ny hetra mifanandrify amin'izany aza
- Voarara ny manao varo-mandeha amin'ny zava-pisotro misy alikaola
- Tsy misy fanafarana vokatra misy alikaola azo atao raha tsy mahazo alalana mialoha avy amin'ny talem-paritry ny Hetra mahefa eo an-toerana. An'olon-tokana ny fahazoan-dalana ary tsy azo afindra na ampindramina

Direction Générale des Impôts
Immeuble MFB Antaninarenina
4ème étage porte 420
Tél: (261) 20 22 355 50- 20 22 663 14
Site web: http//www.impots.mg
e-mail:dgimpots@iris.mg

MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA

SEKRETERA JENERALY

FOIBEM-PITANTANAN-DRAHARAHAN'NY HETRA

NY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA